“Vono olona” tsy misy fitsaharany **2**

**Miaina ao anaty tsy filaminan-tsaina ny Malagasy**

Kopia sy karapanondro faobe **2**

**Tsy misy ny tatitra mazava hoy ny antoko HVM**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 20 may 2023 Laharana 1436 Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Diosezin’i Morondava **6**

**Notendren’ny Ray Masina ny Eveka Mpanampy vaovao**

Resaka tetezamita : nisy nangala-tsonia **3**

# Tsy marina ny filazana fa nifanaraka Ravalo sy Rajao








Fiainampirenena **3**

# Miala Rajoelina Misy farany raha jiaby

**J - 112**

Rodoben’ny mpanohitra RMDM **2**

# Mitaky ny mpitondra hamoaka ny datim-pifidianana




Fikaonandoham-pirenena eny ifotony **2**

# Miantso ny fitondrana hamoaka tetiandro ny Vondrona G5




Ady amin’ny zava-mahadomelina **6**

**Sarona ny tanin-drongony 4 ha, sy rongony voavoatra 500 kg**

Misaona ny Fanatanjahantena **6**

**Nodimandry ny andrarezina Remy Rambeloson**

**Daka kely**



**Tapi-dalan-kaleha lisany ka hala-tsonia sisa no atao ry Boaikely a !**

Rodoben'ny mpanohitra RMDM

# Mitaky ny mpitondra hamoaka ny datim-pifidianana

Nitafa tamin'ny mpanao gazety ny alarobia teo ny avy amin'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, nahitana ny sekretera jeneraly Ramalason Olga, ny filoha lefitra nasionaly avy any Toliara Pasitera Edouard Tsarahame, ny filohan'ny antoko Teza Rakotoamboa Jean Louis, ny senatera teo aloha Jafetra,… Nisongadina tamin'izany fa ny fifidianana ihany hoy izy ireo no hahafahana miala amin'izao tsy fahaizan'ny mpitondra amin'izao fitondrana Rajoelina izao. Nilaza ihany koa ny RMDM fa misavorovoro ny raharaha politika eto Madagasikara ankehitriny ary misy ireo antoko izay mikatsaka ny hampisavorovoro ny fiainan' ny vahoaka. Raha dinihana ny bilan na tombana ny asa vitan' izao fitondrana izao dia hita fa tsy nahomby ary nampahantra ny firenena. Mahantra tanteraka ny vahoaka Malagasy ary potika tanteraka ny firenena, ka azo itarafana izany ny zavamisy manerana ny Nosy. Bankiropitra ny fanjakàna, potika ny ankamaroan' ny lalana, maro ireo seha-pihariana ara-toekarena no potika, latsaka andavaka tanteraka ny firenena. Eo anoloan'izany rehetra izany dia efa madiva ho tapitra ny fe-potoana hitondran'ny mpitondra, kanefa dia hita ho mitady ny hevitra rehetra mbola hijanonana eo amin'ny fitondrana izy ireo, izay tsy ekena intsony hoy ny RMDM, rehefa tapitra ny fotoam-piasana araka ny voalazan'ny lalampanorenana dia tokony hiala, ho amin'ny firosoana amin'ny fifidianana. Tsy misy ny ady teto ary tsy misy ny korontana, fa ny mandat ny filoha no ho tapitra kanefa dia voizina indray fa tokony hanaovana tetezamita. Ny fanjakana Repoblikanina rehefa tapitra ny mandat dia tsy maintsy hatao ny fifidianana, fa tsy ekena izany tetezamita izany. Na inona iantsoana izany tetezamita izany dia fizarana seza fotsiny no antony, fa tsy mitondra soa ho an'ny firenena. Tsy mbola misy tetezamita nitondra vahaolana ho an'ny firenena teto hatramin'izay. Ny tadiavin'ny vahoaka amin'izao dia ny hanaovana fifidianana madio sy malalaka ary marina, fa tsy tetezamita. Ny takiana amin'ny mpitondra dia ny hamoahana ny daty marina hanaovana ny fifidianana, fa tsy fampisavorovoroana ny saim-bahoaka. Ny RMDM dia tsy manaiky ny hidirana amin'izany tetezamita izany ary mitaky ny hirosoana amin'ny fifidianana marina. Takiana ny hanamboarana haingana, sy ny hanaovana audit an'io lisi-pifidianana izay hita fa tsy vita ara-dalàna io. Takiana ihany koa ny hanamboarana ny CENI, mba ho tena mahaleotena ary tsy mitanila amin'ny mpitondra ireo mpikambana ao. Takiana ny hanamboarana ny HCC, mba ho tena tsy mitanila na mandray baiko avy amin'ny mpitondra. Hita mantsy ireo fanitsakitsahina ny lalàmpanorenana ataon'ny mpitondra kanefa toa mijery fotsiny ny HCC. Ireo rehetra izay milaza ho tia tanindrazana dia tokony hitaky ny fikarakarana fifidianana marina, tsy mitanila, ary madio sy eken'ny rehetra.



*Ny avy amin'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, nitafa tamin'ny mpanao gazety tetsy Bel'Air.*

***Isambilo***

Kopia sy karapanondro faobe

# Tsy misy ny tatitra mazava hoy ny antoko HVM



Nandefa taratasy misokatra ho an'ny minisitry ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana ny avy amin'ny antoko HVM nosoloin'i Rivo Rakotovao tena, izany ihany koa dia nosoniavin'ireo antoko sy ny vondrona antoko politika ary ny vondrona parlemantera. Voalaza amin'ny fanambarana, ny tsy fangaraharahan'ny fikarakarana fifidianana :

- Ny fanomezana kopia faobe dia tsy misy ny tatitra mavaza mahakasika izany.
- Toy izany koa ny fanomezana kara-panondro faobe, tsy misy tatitra mazava, ataon'ireo solontenam-panjakana, izay miankina amin'ny ministeran'ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana.

Misy tsy fetezana ihany koa ny fandrafetana ny lisi-pifidianana vaovao. Voalaza amin'ity fanambarana: taratasy misokatra ity koa ny momba ny fifidianana Ben'ny tanàna sy ny Mpanolo-tsainan'ny Tanàna, izay tsy resahan' ny mpitondra mihintsy. Ilaina koa ny mangarahara momba ny isan'ny Fokontany voamarina eto amin'ny Firenena hoy ihany izy ireo.

Ity isan'ny fokontany manerana ny Nosy ity, tokony hatao peta-drindrina ho fantatry ny rehetra, ary tokony hitovy amin'izany ny ampiasain'ny ao amin' ny CENI: vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana.

***Nangonin'Isambilo***

Fikaonandoham-pirenena eny ifotony

# Miantso ny fitondrana hamoaka tetiandro ny Vondrona G5

Nanatanteraka dinika mikaton-trano tao amin'ny Hotel Astauria Antanimena ny Vondrona G5 omaly tontolon'ny andro, mahakasika ny raharahampirenena . Tsapan'izy ireo araka ny fanambaràna, fa tafiditra ao anaty fahantrana lalina ny firenena. Manoloana izany dia nisy ny fehin-kevitry ny mpizaika taorian'ny dinika natao . Hita tao aratin'izany ny antoko politika ; sendika, fiarahamonim-pirenena, fikambanana ary olon-tsotra . Resy lahatra ireo mpizaika araka ny tatitra nataon'izy ireo, fa tsy maintsy tanterahina eto amin'ny firenena ny fikaonandoham-pirenena handraisan'ny rehetra anjara miainga avy eny ifotony, handinihana sy hitadiavana vahaolana handaminana ny firenena ary izany dia tsy maintsy atao mialohan'ny fifidianana. Miantso ny fitondrana izy ireo hamoaka ny tetiandro momba izany. Manaraka izany , hajoro ny komity manokana hikarakara ny fikaonandoham-pirenena miainga avy eny ifotony: ahitàna ny mpitondra fanjakàna , vondrona sy antoko politika, ray amandreny am-panahy sy aradrazana , sendika, fikambanana sns… Manoloana izany dia mitaky ny G5 sy ny vondron-kery rehetra nivory, mba handraisan' ny fanjakàna andraikitra eo amin'ny famoahana tetiandro hanatanterahana ny fikaonandoham-pirenena io. Manome fe-potoana 15 andro nanomboka omaly 19 mey ny mpizaika rehetra hamaliany ny fitakiana . Etsy andaniny dia hampahafantatra ny vahoaka sy ny vondrona iraisam-pirenena, ireo fanitsakitsahana miverimberina ny lalampanorenana sy didy aman-dalàna ataon'ny mpitondra ny G5, eo koa ny momba ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona misy eto amintsika. Miantso ny foloalindahy koa izy ireo handray andraikitra manoloana ny raharaham-pirenena. Raha sanatria tsy manolotra tetiandro, hanatanterahana fikaonandoham-pirenena miainga eny ifotony ny fitondrana dia voatery hidina an-dalambe ny Vondrona G5.



*Ny Vondrona G5 tetsy amin'ny Hotel Astauria Antanimena.*

***Helisoa***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

"Vono olona" tsy misy fitsaharany

# Miaina ao anaty tsy filaminan-tsaina ny Malagasy

"Vono olona" tsy misy fitsaharany no misy eto Madagasikara nanomboka tamin'ny 2009 ary miaina ao anaty horohoro sy tsy filaminan-tsaina ny Malagasy. Tsara ho marihana fa karazany maro ny famonoana olona ary miseho eto amin'ity Nosy ity avokoa izy ireny. Famonoana ara-tsaina na an-kolaka no atao tamin'ireny olompirenena samborina sy gadraina amin'ny tsy rariny sy tsy marim-pototra ireny. Azo lazaina fa atao izay handemena ny sain'ireny olona samborina sy gadraina ireny, noho ny tahotry ny mpitondra ny mety amoahan'izy ireny ny hadalàna sy ny toetra mamotika ny mpiray tanindrazana sy ny firenena. Tamin'ny taona sivy sy roa arivo dia famonoana olona nivantana ny nitenenan'ny mpiaradia tamin-dRajoelina Andry fa "tsy hahomby ny tolona raha tsy misy rà latsaka" ary tohin'izany ny fitifirana ireo notsofiny rano nananika ny Lapam-panjakanan'Ambohitsorohitra. Famonoana an-kolaka an-dRavalomanana Marc ny nandrobàna ny Magro sy ny Tiko ary fikasana famonoana mivantana azy koa ny nitifirana "roquettes" ny Lapam-panjakanan'Iavoloha. Famonoana mivantana ireo olona notsofin-dRajoelina Andry nandroba ny Magro teny Tanjomba, satria maro ireo maty nianjeran'ny gonim-bary. Iny andron'ny 26 Janoary 2009 iny ihany dia tena andron'ny fandrobàna ary maty main'ny afo ny mpandroba tao amin'ny "Central Trade" Analakely. Nanomboka ny taona 2019 niverenan-dRajoelina Andry teo amin'ny fitondrana dia hita tamin'ireo fitaovam-piadiana mahery vaika nampidiriny an-tsokosoko teto Madagasikara, ary narantiranty tamin'ny andro nanaovany fianianana ny 19 Janoary 2019. Azo antoka izany fa raha tsy namoaka ny didy tsy azo ivalozana nametraka azy eo amin'ny toeran'ny filohan'ny Repoblika dia namono olona izy. Rehefa tafaverina teo amin'ny fitondrana Rajoelina Andry dia novonoiny an-kolaka ireo mpiray Firenena noheveriny, fa mety hanozongozona ny toerany ka namoronana dosie sy nosamborina ary nampidirina am-ponja. Anisan'izy ireny i Mbola Rajaonah, Rolly Mercia, Berija ary Rasoamaharo Lôla. Famonoana olona an-kolaka ihany koa ny tsy fandoavana ny karaman'ireo orinasa nanamboatra làlana, ny tsy fandoavana ny vatsim-pianaran'ny mpianatra sy ny mpandraharaha ara-teknika sy fampanehanan-draharaha eny amin'ny Anjerimanontolo ary ny mpiasa any amin'ireo orinasa miankina amin'ny fanjakana. Notifirina ny mpianatra nitaky ny zony tany Toamasina sy Toliara. Nopotehina an-kitsirano ny Air Madagascar ary nosoloina ny orinasan'ny ao amin'ny fitondrana, ka voaroaka ny mpiasa maro ka midika famonoana ny mpiasa tao izany. Natao vonomoka ny mponina tany Ikongo, nanadio tena ny mpitandro ny filaminana ary tsy heno intsony ny tohin'ny fanadihadiana parlemantera notakiana. Mora manadino tokoa, angamba, ny Malagasy na notapenana tamin'ny vola ny vavan'ny fianakavian'ny maty ka tsy niloa-bava intsony. Rehefa mihoa-pefy ny mpitandro ny filaminana dia manambara fa "manatanteraka baiko", ka tsy manenjika azy ireo intsony ny eritreriny na dia mandatsaka aina aza. Ka nahazo baiko koa ve ireo miaramila nidaroka olona teny Avaradoha omaly ireny? Araka ny vaovao dia nosamborina ireo nanao herisetra ireo ary hiharan'ny sazy farany izay henjana, ka tokony ho izany avokoa no hampiharina amin'izay mihoa-pefy rehetra na ny mpanome baiko na ny mpanantanteraka baiko. Famonoana ny tanora Malagasy ny fiparitahan'ny zava-mahadomelina tafiditra eto amin'izao fotoana izao kanefa tsy misy fepetra raisin'ny mpitondra iarovana ny taranaka manoloana ity toe-javatra ity. Mahazo laka eto amin'ny Firenena ny fifankahalana sy ny valifaty ary ny fifanenjehana kanefa "izay tsy miady hono olombodo, fa izay to-fo mpamosavy".

***Andry Tsiavalona***

Ny Valosoa sy hadihady

# Miala Rajoelina Misy farany raha jiaby. J – 112

Tsy hifankahitana intsony ny fiainam-pirenena eo amin'ny lafiny sy ny sehatra rehetra. Samy mikatsaka ny metimety aminy sy mifanandrify amin'izay mety hahitany tombony avokoa na ny fiarahamonim-pirenena na ny mpanao politika, na ny mpandraharaha na ny Mpitondra na ny mpitondra fivavahana, eny hatramin'ny mpiaramiombon'antoka ara-tekinika sy ara-bola avy any ivelany aza. Iarahamahalala fa taom-pifidianana ity taona ity ka manentana ny olompirenena manan-jo hifidy sy hanamarina raha ao anaty lisitry ny mpifidy ny antoko politika maro. Tsy azo lavina ihany koa anefa fa ao ireo mitaky ny hanovàna ny Fitsipika Mifehy ny Fifidianana (Code Electoral), sy handravàna na hanoloana ny mpikambana ao amin'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI) sy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), satria tsy azo itokisana intsony ireo ka toa tsy marisika loatra amin'izany raha tsy tanteraka ireo fitakiana ireo. Ny Fiarahamonim-pirenena sy ny Mpitondra Fivahahana dia mitaky ny hanaovana fikaonandoham-pirenena, hitadiavana marimaritra iraisana momba ny fitsipi-dalalao amin'ny fifidianana (Code Electoral), indrindra indrindra ny fametrahana fitsipi-dalalao amin'ny anakapobeny mba tsy hisy ny fihoaram-pefy ary ho eken'ny rehetra izay voka-pifidianana hivoaka. Tsy azo odian-tsy hita fa misy ireo manizingizina, fa tsy hiverina eo amin'ny fitondrana intsony Rajoelina Andry satria nampahantra ny vahoaka sy ny firenena. Ny eo amin'ny fitondrana kosa dia tsy hita be ihany fa toa manao diam-poza, ka tsy fantatra intsony na matahotra fifidianana na tena sahy satria, etsy andaniny, tsy sahy mamoaka didim-panjakana manamafy na manova ny tetiandro naroson'ny Ceni izy. Etsy ankilany koa anefa misy milaza fa ho lany amin'ny fihodinana voalohany Rajoelina Andry. Raha ny tranga eo anivon'ny vovonana IRD sy ny fianam-pirenena eo amin'ny sehatra rehetra anefa no hanaovana tombana dia ho sarotra ny hihatrehan-dRajoelina Andry ny fihodinana faharoa fa ho raraka eo amin'ny fihodinana voalohany izy. Mandra-pahatongan'izay fifidianana izay anefa, tsy maintsy hiala eo amin'ny fitondrana aloha Rajoelina afaka 112 andro, misy farany tokoa raha jiaby, ka tsy maintsy hiala Rajoelina araka ny lalampanorenana. Ankoatra izany, manamafy ny tahotry ny mpitondra ny fifidianana koa ny tsy fahampian'ny vola natokana hanatanterahana ny fifidianana, izay mitentina zato miliara kanefa ny mpiaramiombon'antoka misalasala hanampy arabola ny fitondrana amin'ny fanatanterahana ny fifidianana, satria nisy ampaham-bola fanampiana tsy fantatra izay nampiasana azy tamin'ny valanaretina covid-19 izay niteraka tsy fahatokisana ny fitondrana Rajoelina Andry intsony. Tsy fantatra izay tena kendren'ireo fikambanana mitaky ny hananganana tetezamita, izay lavin'ny fitondrana ihany koa satria fitadiavana seza izany. Ny azo antoka kosa dia mety ao an-tsain'ireo manampahefana sasany ihany izany, satria azo hitarina toy ny tamin'ny 2009 izany. Tsy ratsy ny tetikady saingy ny maharesy lahatra ny rehetra izao dia ny firosoana amin'ny fifidianana madio tsy hisy hala-bato sy tsy hisy "doublons" intsony. Anisan'ny andraikitra noraisin'ny Fivondronan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara (FFKM) ny hanaramaso hatrany ifotony ny fizotry ny fifidianana ary hametraka kristiana hanao izany isaky ny biraompifidianana izy. Ny mampanahy dia tsy mitsitsy vola mihitsy izao fitondrana izao rehefa heveriny, fa ho tonga amin'ny tanjona nokatsahiny ny fampiasana izany ary azo heverina fa hararaotiny ny fahantran'ny mpiray firenena ka ho jambainy amin'ny vola ny masony hamadihana ny marina. Na izany na tsy izany dia tsapa ary tsy misy afaka mandà fa marary ity Firenena ity ary efa mikiky ary mihombo andro aman'alina ny aretina ka toy ny marary rehetra dia mila fitsaboana ary tsy maintsy fitsaboana mahery vaika (traitement de choc) no hampiasaina ary mpitsabo havanana sy manam-pahaizana sady manana traikefa momba ny karazana aretina misy eto amin'ny Nosy, miaraka amin'ny mpitsabo mpanampy mahay ny asa mifanandrify amin'ny andraikitra homena azy, no tsy maintsy manao ny fitsaboana. Tsy lany Olomanga ny Firenena Malagasy, saingy ny olona tsy mataho-tody sy ny miaramilan'i satana no mahazo laka, ka misotro ny aleoko maty mba hahatratrarany ny tanjona kendreny.

***Andry Tsiavalona***

RESAKA TETEZAMITA : NISY NANGALA-TSONIA

## Tsy marina ny filazana fa nifanaraka Ravalo sy Rajao

Mahakasika ny fiketrehan'ny sasany tetezamita, tonga hatramin'ny halatsonia mihitsy izany. Nivoaka amin'ny fahanginana noho izany ny mpomba ny filoha Marc Ravalomanana sy Hery Rajaonarimampianina, izay mitsipaka tanteraka ny taratasy navoaka tamin'ny tambazotran-tserasera facebook, nampiseho fa nisy fifanarahana teo amin'ireo filoha mirahalahy mianaka ireo, momba izany "gouvernement de transition" izany. Tsy marina izany taratasy natao izany fa hosoka, nisy nangalatra ny sonian'ny filoha Marc Ravalomanana sy Hery Rajaonarimampianina tamin' izany. Noho izay antony izay, hitory eny anivon'ny sampan-draharahan'ny heloka an'habaka na cybercriminalité Ravalo sy Rajao, amin'ny alalan'ireo mpomba azy avy. Nisy ihany koa ny fanambarana nataon'ny filoha Hery Rajaonarimampianina mahakasika izay: "tsy azo ekena ny fanelezana vao vao diso sy tsy mitombina izay manakorontana saim-bahoaka sy manohintohina ny fitoniana eto amin'ny firenena. Misy olona miezaka manely vaovao diso sy tsy marim-pototra amin' izao fotoana izao, izay milaza fa misy fifanarahana ara-politika momba ny fananganana fitondrana Tetezamita nataoko sy ny Filoha Ravalomanana Marc.
Etoana dia ambarako fa tsy marina ary fanambarana hosoka tanteraka iny iniana aparatika iny. Tsy azo ekena velively ny Fanelezana vaovao tsy marina tahaka ireny, izay tena manohintohina ny demokrasia, ary tsy mitondra fitoniana eto amin' ny Firenena."
Ny fahitana izany hosoka izany dia midika fa efa mandrovi-tsihy tanteraka Rajoelina sy ny mpiaradia aminy, mitady mbola hanohy ny fotoam-potoana hiasany, dia ny hafa no lazainy fa manao izany. Efa samy nanamafy anefa na ny filoha Ravalomanana, na Rajaonarimampianina, fa tsy mila tetezamita izany, fifidianana madio sy marina no ilaina.


ACCORD POLITIQUE
POUR L'INSTAURATION D'UNE CHARTE DE [illegible] NSITION

Dans le cadre du mandat de l'Equipe conjointe de médiation pour [illegible] car sous l'é[illegible] de l'Uninon africaine, de la SADC, de l'OIF, des Nations unies, et du Conseil des Eglises Ch[illegible] Madagasc[illegible]

Ayant échangé des points de vue sur un certain nombre d[illegible] uestion[illegible] ation durable [illegible] crise à Madagascar.

Détérminés dans un esprit de réconciliation et avec la v[illegible] de placer l'intér[illegible] des intérêts particuliers.

Nous, les anciens Présidents de la Républi[illegible] Présidents de Parti Po[illegible] tique Groupe PANORAMA réunis à l'Hotel Panorama An[illegible] gner une Charte de la Transition et de nous engager à en respecter le[illegible] uvoir pendant les négociations ainsi que pendant la Période de Transition dirigé p[illegible], notamment :

1. Une Transition d'E[illegible] ionale dirigé par les [illegible] ésidents de la République
Les missions de l[illegible] éfinies comme su[illegible]
-assurer la continu[illegible] ses engage[illegible] s nationaux et internationaux ;
-rétablier l'ordre et l[illegible] té ;
-dissoud[illegible] ctuel CEN[illegible] C pour [illegible] nouvelle institution oraganisateur des elections neutr[illegible]
-o[illegible] les élections et [illegible] ur une nouvelle constitution de la 5ème République ;
2. [illegible] ernement d'[illegible] nion [illegible] la Transition d'entente est composé d'un Premier-Ministre de [illegible] ensus qui se[illegible] f du [illegible] ement, de trois Vice-Premiers Ministres représentant les 3 [illegible] nces po[illegible] t de 28 [illegible] issus des différentes sensibilités politiques de Madagascar.
3. [illegible] d'unir leur f[illegible] mpêcher l'actuel Président de la République à se présenter à l'é[illegible] ntielle, pour insta[illegible] er la stabilité politique et eviter une 2ème mandat menacant une crise politiq[illegible] civile pour la Nation.
4. La Transi[illegible] te sera au pouvoir après la démission du Président de la République .
Cette Transit[illegible] cutée prochainement le mois d'Août par une Conférence Nationale de tous les partis politiques [illegible] s.

Fait à Andraharo, le 02 Mai 2023

Hery RAJAONARIMAMPIANINA — Marc RAVALOMANANA

*Ilay taratasy hosoka nisy nanaparitaka tamin'ny tambazotran-tserasera.*

***Isambilo***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Fitondrana tapi-dalan-kaleha satria tsy misy ny vola

**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref :** valana mirongatra : tsy misy vola, lalana potika : tsy misy vola, Jiramaty lava : tsy misy vola. Tena tapi-dalan-kaleha ny fitondrana.

**Hajanomena Razafindrabe :** tapi-dalan-kaleha tokoa.

**Ranaivo Jacques** : tsisy vola= fifidianana tsy tapa-kevitra.

**Moise RG :** raha efa banky hoa io, dia mbola misy ihany ny mino anazy ny mpomba azy.

**Valiha Babah :** zakao ny an'lesany: tsy misy vola.

**Andrianarivo Herizo :** ny olana anie dia miaraka voa amin-drizareo eto isika rehetra e!

**Lova Jedidyah :** ny vola misy fa ...

**Pieitche Ratam Andrianirina :** izay nifidy azy no valaka e! Ny minisitra sy ny député tsy azo tapahana karama. Tsy maintsy misy vola!

**Aimé RZ :** werawera nefa tsy misy vola.

**Andriah Andrianorosoa :** aza taitra am le valala mirrrrrongatra ianarrrrreo, fa tsofiko io rrrrefa Tonga any Aho !

**Dama Ramanandraibe : Andriah Andrianorosoa** : dia mivilià agny ihany nama agnareo nge hitsioka ny laokanay aty...

**Andriah Andrianorosoa :** Dama Ramanandraibe : rrrrrresaka Zao ko atao fa Aho Aza vona hiady fagnindezana aminareo Lefa avy agny!



**Hervé Patron'aomby :** lebandy ty dia mahita raha hialana voly, miarana ino ma ra anao io?

**Keron Idealson :** MIANDRY TETEZAMITA?

**Jules Nestor : Keron Idealson :** sady nga honorable mifaninanana @ ratsy kay no atao velirano?

**Keron Idealson : Jules Nestor :** Tsy azonao nga moa vao androany no nisy valala teto? efa nisy io ary tsy nisy nahafaty anio hatr@ nisian'ny tany... ka hilaza androany hoe vaovao amintsika ny fiakaranan'ny valala antanety...

**Jules Nestor : Keron Idealson :** fa lay famalinao no mahagaga honorable satria mampitaha @ ratsy ianao. Député avy @ Faritra Atsimo ianao, mahalala tsara ny momba an'io, tsy ny manaitra ny tompon'andraikitra hamono azy ve no avalinao fa mampitaha ny samy ratsy ? Andraso hiakatra eny Iavoloha ary lay valala, @ zay champion ny tena ratsy nareo e!

TONONKALO

## Fifidianana ihany

Ho anay fifidianana ihany no ilaina
Mba hoenti-manarina ny firenena .
Ny ankoatran'izay resaky ny be saina
Mpandrava sy vonton'ny fitiavantena .

Ho anay fifidianana ihany no ilaina
Fa maro aminay no efa miantso « vonjeo ».
'Nareo hiala ireo izao raha toa ka tsaraina
Dia « aotra ankiroa » no sahaza anareo !

Ho anay fifidianana ihany no tsara,
Ny tetezamiitatra tsy ekena intsony.
Fantaro fa mbola hotsaraina any am-para,
'Nareo izay tsimatimanota eny ambony !

Ho anay fifidianana ihany no andrasana
Hoenti-manilika iretsy malaso.
Omàny ny menaka mba hanendasana
Ireo fozaorana mpanao ankaso !

***DADAN'i ZINA (18-05-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

LW, Helisoa

**Nidina ny amin'ny paikady hanamafisana ny fotokotra, ny mpiatrika ny antoko TIM any amin'ny faritra Melaky.
Fifandraisana amin'izy ireo : tel: 0341376770 na 0340105946.**





**Jerena fotsiny lasa feno bozaka sisa ny Gare Routière ao Ambohimanambola, Antananarivo Avaradrano.**





**Fiofanan'ireo mpampianatra ho fanatsarana ny fampianarana ny fiteny anglisy any amin'ny faritra atsimon'ny Nosy, natao tao Fianarantsoa faritra Matsiatra Ambony.**






**Nafana ny adihevitra nandritra ny dinika politika nataon'ny vondrona G5 tao amin'ny Astauria Antanimena omaly.**





## NY TENY FIAINANA




*"Raha azo atao, dia ataovy izay hihavananareo amin'ny olona rehetra."*

***Romana 12:18***

### RUGBY WOMEN'S CUP 1ÈRE DIVISION 2023

# Efa tonga eto Madagasikara ireo ekipa rehetra



*Fahatongavan'ireo ekipa vahiny teny Ivato.*

Efa vonona tanteraka ary nahazo fankatoavana tamin'ny IRB ny kianja Makis Andohatapenaka handray ny fifaninanana rugby vehivavy "Women's Cup 1ère Division 2023" izay ho tontosaina eto amintsika hanomboka anio asabotsy 20 mey ka hatramin'ny alahady 28 mey 2023 ho avy izao. Efa vonona tanteraka ihany koa ireo mpilalao rehetra handray anjara amin'ity fifaninanana ity na ireo vehivavy Malagasy XV Makis Ladies na ireo ekipa vehivavy avy any ivelany izay efa nigadona teny Ivato tamin'ny alakamisy lasa teo. Fantaro ireo mpilalao Malagasy hiatrika an'ity fifaninanana ity : Hanta (Ftm), Miangola (Asut), Ginah (Ftm), Jeanne (Racing 92), Nanou Loula (Scb), Vonjmalala (3Fb), Vacilly (Rcts), Claudia (Ftm), Sophie (3Fb), Joeia (Ftm), Christine (Ftfa), Laurence (Scb), Avotriniaina (Ftm), Sandratra (3Fb), Monica (Ftfa), Virginie (Ftm), Laurence (Scb), Erickah (Scb), Oliva (Asut), Yvanah (Scb), Mamisoa (Ftm), Fabrina (Ftm), Fenosoa (Ftm), Patricia (Scb), Mialy Tiana (3Fb), Sarindra (Ftm), Zouanah (Scb), Malala (Scb). Mpanazatra roa (Alain sy Tsinjo Natiora). Anio asabotsy amin'ny 3 ora tolakandro dia efa hiakan-tsehatra ny "XV Ladies Makis " hikatroka amin'ny ekipa voafantin'i Kenya aorian'ny fifanandrinandry zareo Afrikana Tatsimo sy ny Kameroney hanomboka amin'ny 1 ora atoandro. Tsiahivina fa ho 2000 ar ny fidiran'ny ankizy ao amin'ny kianja Makis amin'io fihaonana io, ho 5000 ar ny Gradin ary 20.000 ar ny Tribune.

***Rainilita***

### Telma Coupe de Madagascar 2023

# Mahatratra ekipa 142 no handray anjara



*Telma Coupe de Madagascar.*

Mahatratra ekipa miisa 142 manerana ny nosy no nisoratra anarana fa handray anjara amin'ny fifaninanana baolina kitra "Telma Coupe de Madagascar 2023" hafantara izay anankiray hisolotena an'i Madagasikara any amin'ny fifaninanana Afrikana fiadiana ny "Coupe de la Confédération Africaine 2023" . . Ireo avy ny isan'ireo mpandry anjara isam-paritra : Alaotra Mangoro misy ekipa (3), Androy ekipa (2), Atsinanana (6), Analanjirofo (2), Analamanga (22), Bongolava (4), Atsimo Andrefana (5), Boeny (5), Sofia (3), Itasy (4), Amoron'i Mania (3), Matsiatra Ambony (5), Diana (3), Sava (2), Ihorombe (2), Atsimo Atsinanana (2), Vatovavy (1), Menabe (1), Vakinankaratra (2), Pro League (16) izay hiditra an-tsehatra any amin'ny dingan'ny 1/16-ndalana.

***Rainilita***

### Championnat de Madagascar Volleyball 1DF et 1DM

# Natomboka tamin'ny "Séance de Travail" omaly zoma




*Volleyball 1DF sy 1DM any Toamasina.*

Ny "Séance de Travail" no nanombohana ny hetsika volleyball fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2023 sokajy 1DF sy 1DM omaly zoma marainan'ny 19 mey 2023. Marihana fa ao amin'ny kianja mitafon'i Drjs Toamasina sy ao amin'ny Dojo Soavita any Toamasina no hanatanterahana ny fifaninanana rehetra ny 19 ka hatramin'ny alahady 28 mey 2023 ho avy izao. Mahatratra ekipa 10 ireo 1DF mandray anjara amin'ity fifaninanana ity : Avbca Anosy, Asi Analamanga, Squad Analamanga, Gnvb Analamanga, Amvb Analamanga, Stef' Auto Atsinanana, Mami Atsinanana, Crjs Atsinanana, Ecvb Atsinanana, Mvbc Boeny. Misy ekipa 11 kosa ny ao amin'ny 1DM : Asi 1 Analamanga, Asi 2 Analamanga, Cosfa Analamanga, Gnvb Analamanga, Pôle Gnvb Analamanga, Mama Analamanga, Mami Atsinanana, Nadi Atsinanana, Evbi Ihorombe, Cvbf Atsimo Atsinanana, Mvbc Analamanga.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Fon'omby saosy voatabia na tômaty sy tongolo ary sakamalaho indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro mazava anatsonga sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafodin'ny hemorroïdes ny sakay pilokely na pilopilo

Fanafodin'ny hemorroïde ny sakay pilokely na pilopilo, io indray ni Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny hemorroïdes dia fivontosan'ny lalan-drà ao amin'ny tsinaibe (misy otrikaretina mamely azy ao) , ary miteraka fivontosan'ilay hoditra anatiny iny mihitsy , ary mivoaka ety ivelany matetika. Ary mamporisika isika mba hanandrana ity fanafody natoraly ity, fa sady mamono ny otrikaretina ao anaty tsinaibe ity , no mampihena ny fivontosana.
Fantaro fa pilokely maitso na mena miisa 7 no hanina isanandro , mandritra ny 7 andro. Azonao atao ny mihinana azy tsikelikely ao anatin'ny 1 andro , ohatra hoe 2 ny maraina , 3 ny atoandro , 2 ny hariva , fa rehefa mitotaly 7 dia mety foana ( azonao tsakoina na atao telimoka , mety foana). Marihina fa rehefa nihinana sakay pilopilo foana ianao dia lasa mihidy tsara ny lavaky ny tsinaibe , ka rehefa ilaina ny mamoaka maloto vao misokatra izy. Ny pilokely ihany no tsara ho an'ny hemorroïdes fa tsy ny tsilanindimilahy.
FANAMARIHANA : Tsy mety ho an'ireo vehivavy bevohoka sy ny mampinono.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Maromitety distrikan'i Vavatenina faritra Analanjirofo

Ny tanànan'i Maromitety distrikan'i Vavatenina faritra Analanjirofo indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Maromitety ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 10 mandrafitra ny distrikan'i Vavatenina. Any atsimo atsinanan'ny faritra Analanjirofo no misy azy. Mbola tsy dia avo toerana izy, satria 177 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny jirofo, ny kafe, ny lavanila. Ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny vomanga, ny katsaka. Ny voankazo toy ny manga, ny letchi, ny soanambo, ny ampalibe, ny akondro.



**ADY AMIN'NY ZAVA-MAHADOMELINA**

# Sarona ny tanin-drongony 4 ha, sy rongony voavoatra 500 kg

Noho ny fiaraha-miasan'ny mpitandro filaminana sy ny fokonolona any amin'ny kaominina Doany any amin'ny distrikan'Andapa faritra Sava, sarona ny tanin-drongony mirefy 4 ha tany an-toerana. Olona 4 mpamboly, mpikarakara ary mpivarotra rongony no voasambotry ny Zandary tao Doany Distrikan'i Andapa. Velarantany nambolena rongony mirefy 04 ha, rongony efa voambotra milanja 500 kg, voan-drongony milanja 20kg eo ho eo, no sarona tamin'izany ary mbola nahatratrarana basy poleta vita gasy ny iray tamin'izy ireo. Efa nopotehina ary nodorona avy hatrany ireo zava-mahadomelina tratra ireo. Natolotra ny fampanoavana ireo olona ireo rehefa vita ny fanadihadiana natao azy ireo. Efa tany amin'ny faritra manakaiky an'Analabe, misy ny tendrombohitr'i Tsaratanana, tendrombohitra avo indrindra eto Madagasikara, no nisy izao tany fambolena rongony tratra izao. Na mananosarotra aza no mandeha amin'izany faritra izany, noho ny ezaky ny fokonolona sy ny mpitandro filaminana dia tratra izao ihany ireo mpanao ratsy fanetriben'ny firenena.



*Ireo olon-dratsy, mpamboly, sy mpanaparitaka zava-mahadomelina.*

**Niaina**

Faritra Atsimon'i Madagasikara

# Nandalina fomba fampianarana vaovao ireo mpampianatra ny taranja teny anglisy

Ny fampianarana sy ny fianarana teny anglisy dia tsy azo ihodivirana amin' ny fampandrosoana ny vahoaka Malagasy. Manokatra varavarana maro ho an'ny mpianatra sy ny mpiasa Malagasy ny teny anglisy ary manampy amin'ny fivoarana eo amin'ny tontolon'ny fampianarana sy ny asa na eto an-toerana izany, na eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Manohana izany fomba fijery izany ny governemanta amerikana ary nanome fiofanana avo lenta ho an'ny mpampianatra ny taranja teny anglisy eto Madagasikara, hanatsaran'izy ireo ny fomba fampianarana sy ny fitaovana fanovozam-pahalalana ampiasainy amin'ny fampianarana ny taranja teny anglisy, eny amin'ny sekoly ambaratonga faharoa na Lycée sy ny anjerimanontolo na Université.
Mahatratra 25 ireo mpampianatra ny taranja teny anglisy avy amin'ny faritra atsimon'i Madagasikara, izay tonga ao Fianarantsoa manatrika ny atrikasa fanamafisana traikefa avy amin'ny American English Training of Trainers (AE TOT) ny 17 ka hatramin' ny androany 20 mey.
Ny Masoivoho Amerikana no namatsy vola ny AE TOT ary ny fikambanana tsy miankina Lanja Omena Vokatra haharitra (LOVA) no manatanteraka azy. Hianatra hampiasa ireo fitaovana fanovozam-pahalalana avy amin'ny American English, izay tohanan'ny governemanta amerikana ary azo alaina ao amin'ny tranonkala americanenglish.state.gov, ireo mpanray anjara amin'ny atrikasa. Betsaka ireo tolotra ao amin'ny tranonkala American English izay azo ampiasaina maimaimpoana hanatsarana ny fampianarana toy ny drafitry ny lesona homena ny mpianatra, ny boky azo henoina, ny horonantsary, ny fampianarana ampitain-davitra sy ny lalao samihafa, izay azo atao printy, samy novolavolaina hanabeazamboho ny fomba fampianaran'ireo mpampianatra ny taranja teny anglisy ary hampitombo ny finiavan' ireo mpianatra avy amin' ny firenena toa an'i Madagasikara. Mandritra ny atrikasa AE TOT dia misy ny fifampizarana mivantana miaraka amin'ireo manam-pahaizana momba ny fampianarana ny taranja teny anglisy amerikana sy Malagasy ary mandray anjara amin'izany ireo mpampianatra teratany Amerikana izay miasa eto Madagasikara sy Kaomoro, noho izy ireo misitraka ny tetikasa fifanakalozana izay sahanin'ny Masoivoho Amerikana.
Aorian'ny fiofanana mandritra ny efatra andro dia hozarain'ireo mpiofana amin'ireo mpampianatra ny taranja teny anglisy any amin'ny sekoly, sy ny fiarahamonina niaviany izay rehetra avy amin'ny American English afaka ampiasaina any andakilasy. Mihoatra ny 175 ireo mpampianatra ny taranja teny anglisy avy amin'ny faritra atsimon'i Madagasikara, izay hahazo tombony amin'ity atrikasa ity raha atambatra.
Toy izay natao taorian'ny atrikasa AE TOT taty Antananarivo, Mahajanga, ary Kaomoro dia hanitatra ny tambazotran'ireo mpampianatra-mpampiofana manam-pahaizana amin'ny taranja teny anglisy ity atrikasa any Fianarantsoa ity ary hitohy amin'ny fikarakaran'ireo mpandray anjara fiofanana any Antsirabe, Ifadiana, Alakamisy Ambohimaha, Fandriana, Fianarantsoa, Ihosy, Ihorombe, Sakaraha ary Toliara. Mahatratra 920 ireo mpampianatra manerana an'i Madagasikara, izay nisitraka ny fifampizaran'ireo mpandray anjara tamin'ny AE TOT teo aloha ary mampiasa ny fomba fampianarana sy ireo fitaovana fanovozam-pahalalana avy amin'ny American English.
Niara-niasa tamin'ny governemanta sy ny mpampianatra teto Madagasikara toy ny mpirahalahy mianala ny governemanta amerikana, nanomboka tamin'ny 2017 tamin'ny fanatsarana ny fampianarana ny taranja teny anglisy teto Madagasikara. Vokatra nisongadina tamin'izany fiaraha-miasa izany ny fanavaozana ny fandaharam-pianarana ho an'ny taranja teny anglisy teto Madagasikara, ny fampiofanana mpampianatra teny anglisy miisa 2700 ary ny fanamafisana ny fomba fampianarana sy ireo fitaovana fianarana ny taranja teny anglisy eny amin'ny sekoly ambaratonga faharoa sy ny Oniversite ary ireo toeram-pianarana teny anglisy manerana ny Nosy.

**Naina**

Diosezin'i Morondava

# Notendren'ny Ray Masina ny Eveka Mpanampy vaovao



Notendren'ny Papa Fransoa, na ny Ray Masina Fransoa ny Eveka Mpanampy vaovaon'ny Diosezin'i Morondava, ho an'ny fiangonana katolika Romana. Notendreny ho Eveka Mpanampy ho an'ny Diosezin'i Morondava i Mompera Rakotojaona Jean Nicolas, pretran'ny Diosezin'Antananarivo. Rekteran'ny Seminera zokiny Manantenasoa ao Antsirabe izy izao voatendry izao. Ny Fiketrahana ao Dragonara kosa no homena azy amin'ny maha eveka azy.
Toy izao ny momba an'i Monseigneur Rakotojaona Jean Nicolas :
Teraka ny 18 janoary 1973 tao Anosy Avaratra:
Zanak'i Rakotojaona Jean Pierre sy Razafinjaika Hélène.
Nohamasinina ho diakra ny 4 aogositra 2001 tao Ambohipo – Antananarivo.
Nohamasinina ho pretra ny 3 aogositra 2002 tao Faliarivo Ambanidia – Antananarivo.

**Aly**

Misaona ny Fanatanjahantena Malagasy

# Nodimandry ny andrarezina Remy Rambeloson



*Rambeloson Rémy fahavelony.*

Misaona ny tontolon'ny fanatanjahantena Malagasy, nodimandry ny andrarezina Rambeloson Rémy, nodimandry tamin'ny alatsinainy 15 mey 2023 lasa teo, teo amin'ny faha-83 taonany. Mpampianatra "Education physique et sportive Malagasy" izy, sady efa Filohan'ny FMBB teo aloha (1986-1997) ary efa nitana ny andraikitry ny «Directeur de sport universitaire », efa SG an'ny COM tamin'ny andron'ny filoha Roger Henri ary efa nisolo tena an'i Madagasikara nitarika delegasiona fanatanjahantena tany ivelany. Ho fankaherezana ny fianakaviana sy ny ankohonany dia tonga nanatanteraka ny adidy manoloana ny nofo mangatsiakan' Itompokolahy teny amin'ny trano fonenany teny Ambodifahitra Talata Volonondry ny avy eo anivon'ny Federasiona Malagasy Basketball – FMBB, notarihan'ny Filohany Ramarosona Jean Michel, notronon'ireo mpikambana eo anivon'ny FMBB, ka tamin'ny anaran'ny Fianakaviamben'ny taranja Basketball Malagasy manontolo no nanamafisana ny teny fankaherezana ho an'ny ankohonana sy ny fianakavian' Itompokolahy. Izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno hoan'ny ankohonana nilaozany sy ny fianakaviany manontolo ary ny fianakaviamben'ny fanatanjahantena Malagasy amin'ny ankapobeny.

**Rainilita**

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Manana fitaovana ilaina amin'ny fampandrosoana ny fiarahamonina

Azo atao tsara ny mamaritra mazava ny isan'ny mponina eto Madagasikara, izay miainga amin' ny fanisana ny mponina isam-pokontany. Ny zavamisy, ny fivezivezen'ny mponina, eo ny efa monina raikitra, na ireo miàla eo amin'ny fokontany, na ihany koa ireo olona vaovao miditra honina ao amin'ny fokontany dia azo atao tsara ny mamantatra azy. Anisan'ny olan'ny tomponandraikitra eo anivon'ny fokontany ny manatanteraka izany asa izany, na misy aza ny fiavana ananany noho ny olana ara-pitaovana. Nisy ny fampanantenana azy ireo hotolorana solosaina nefa zary lasa resabe na resaka poak'aty fotsiny ihany izany. Dia mihitsoka eo ny raharaha, ary sahirana amin'ny fampivoarana ny fokontany. Vao mainka koa sarotra ny raharaha noho ny lafiny tsy fandriampahalemana, izay mirongatra ary tsy voafehin'ny mpitandro filaminana. Tsy misy mponina amin'ny faritra rehetra eto amin'ny Nosy izay tsy mikaikaika sy mijaly amin'ny firongatry ny asan-jiolahy sy dahalo. Tsy fandriampahalemana izay miha miitatra amin'ny endriny isan-karazany ary misy lasa mavitra mihitsy noho ny habibiana tsy firaharahiana intsony ny ain'olona.
Vahaolana ifotony ihany no hahafahana mamaha izany fijaliam-bahoaka izany. Anisan'izany ny fananana fitaovana hahafahana manara-maso akaiky ny fifamezivezen'ny mponina eny anivon'ny fokontany. Manana fitaovana arifomba amin'izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) amin'ilay fitaovana eo ampelatanany, dia ilay rindrambaiko (logiciel) Tenaïkos, izay azon'ny mpiray tanindrazana ampiasaina, indrindra ireo eny amin'ny rantsamangaikan'ny fitondrana isantsokajiny, miainga eny amin'ny fokontany ka hatrany amin'ny kaomina sy distrika na faritra. Efa nisy ny fotoana nanao ezaka nanatona ny sasantsasany tamin'ireo olom-panjakana ireny ny AFK, fa nihazohazo tsy nahatapak'ahitra izy rehetra. Hadisoana izany, satria tokony hisy ny fananana fahasahiana sy toe-tsaina matotra sy vonona hanasoa ny vahoaka sy ny firenena. Mbola vonona hifanatona amin'izy rehetra anefa ny AFK, ary hatramin'ny sehatra hafa toy ny olom-piangonana ihany koa izany satria misy tombontsoa lehibe amin' ny fiangonana ny fampiasana io fitaovana io. Fifandraisana 034 17 460 53.

**Aris**

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 13/05/2023 hatramin'ny 20/05/2023**

- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165 Mahatony) 034 10 937 11
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55
- **DE L'AVENUE** (Andohan'Analakely en bas BNI) 032 11 207 07/038 20 207 06/038 20 207 07/038 20 207 08
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1436-05-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**AMBOHIDRAPETO**

## Nanatanteraka asa lalana ny kaominina sy ny fokonolona

Mitohy ny asa fanaovana foto-drafitrasa ao amin'ny kaominina Ambohidrapeto distrikan'Antananarivo Atsimondrano. Niara-nisalahy nanao lalana tamin'ity herinandro ity ny fokonolona sy ny ao amin'ny fiadidiana ny tanàna. Araka ny tatitra nataon'ny mponina tany an-toerana:"miasa ny ben'ny tanànan'Ambohidrapeto Mihary Andriantsilavo sy ny mpiara-miasa aminy. Manatanteraka sy tsy mivadika amin'ny teny nomeny, fa izay nolazainy dia tanterahiny avokoa. Misy araka izany ny fanamboarana lalana iarahan'ny Kaominina amin'ny fokonolona ao amin'ny fokontany Antsahamasina, izay efa nampikaikaika ny mponina ny faharatsiany, ka ho vita ato ho ato." Mampijaly ny mponina izany lalana izany, indrindra rehefa amin'ny fotoam-pahavaratra, ka dia atao lalana rarivato ankehitriny.

***Stefa***



***Lalankely namboarina tao amin'ny kaominina Ambohidrapeto.***

1ère éditon du Festival Zetra

## Hivoizana ny gadona Osika sy ny kolontsaina Sihanaka



***Fampahafantarana ny Festival Zetra tao amin'ny Campus Telma.***

Ny gadon-kira Osika sy ny kolontsaina Sihanaka amin'ny ankapobeny, no tena ho voizina amin'ny hetsika « Festival Zetra » andiany voalohany, ho tontosaina ao amin'ny "Espace Laza Ambatondrazaka, amin'ny 24 sy 25 jona 2023 ho avy izao ary ao koa ny fampahafantarana an'ireo zava-tsy fahita firy mampisogadina an'iny Faritra Alaotra Mangoro iny. Toy ny fahita mahazatra amin'ny "Festival" tahaka itony dia hisy ny "Carnaval" lehibe mamakivaky ny tanànan'Ambatondrazaka, hiala eny amin'ny "La place" ary mipaka hatreny amin'ny "rond point Jovenna" hanombohana ny hetsika amin'ny 24 jona maraina, izay hiandrasana mpandray anjara mahatratra 300 isa ary ho faranana amin'ny "Soirée VIP" amin'ny alin'io andro io ihany. Hisy ny Podium lehibe hiseran'ireo mpanakanto avy ao an-toerana miisa 6 amin'ny 24 jona ary miisa 6 ihany koa amin'ny 25 jona 2023, ka hahitana andry Jaojoby sy Samoela ary Solomianadahy, sns… Hisy tranoeva hampirantiana an'ireo zava-kanto mampiavaka an'Alaotra Mangoro ao amin'io toerana io ary koa ny fanaovana "Voyage Organisé" higohana ny hakanton'Alaotra Mangoro sy ny tontolony, izay hiantohana ny fivahinian'izay liana amin'izany, sy ho maimaimpoana hoan'izay tsara vintana mahazo ny "Concours Tik Tok" ary tsy ho ambanin-javatra ihany koa ny fivohizana ny fanajana ny tontolo iainana hoan'ny rehetra. Ho "Sponsort officiel" miaraka amin'ny Telma amin'ity hetsika ity ny Ong Ony miaraka amin'ireo mpiara-miombon'antoka marobe tarihan'ny "Agence Libertalia", sy ny "Alliance Française Ambatondrazaka.

***Rainilita***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 432**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0431)

**Mitsivalana**

- Voatango
- Nay – Ar
- Tsaraina
- Sira – Nan(a)
- Soga
- Kintana
- Vava (miv) – Ana

**Mitsangana**

- Vitsika
- Sy – IV
- Anarana
- Tara – TV
- Aia – Sa
- Inona
- Ganagan(a)
- Orana

## TENY MIFANAPAKA N° 432




**Mitsivalana**

**1.** Ho hano aho hihinanako anao – Voankazo **2.** Biby maro loko (miv) **3.** Fety sy korana **4.** Solfa – Foto-tsakafo **5.** Niaro **6.** Antananarivo renivohitra – Milaza fananana **7.** Maharitra – Sakafo – Vizana **8.** Mampisafidy – Manondro zavatra maro (miv) – Hita ao amin'ny jiro **9.** Ahafantarana **10.** Tia, iry – Mitambatra

**Mitsangana**

**A.** Iraka **B.** Fiantsoana ny namana **D.** Eny amin'ny habakabaka – Naoty (miv) **E.** Fanontaniana – Heloka **F.** Tampisaka (miv) – Fiandohan'ny resaka **G.** Resy tanteraka – Betsaka (miv) **H.** Fitaovana haingo trano – Valandrano (BR) **I.** Fiantsoana ny tsirairay – Maribola **J.** Mikoriana ao anaty – Malahelo (BL) **K.** Mpanolotra – Voatana

### Valiny Teny mifanaraka 0431

**Mitsivalana**

**1.** Mananihany **2.** Zanaka (miv) - Min **3.** Tilikambo **4.** Ala - Oh - Ivy **5.** Hamoraina **6.** Ilainy **7.** Nay - Onja **8.** Roa - Nana **9.** As - Zaza - Fa **10.** Ampio - Mey

**Mitsangana**

**A** Mahahotra **B.** Alika (miv) - Osa **D.** Nalamina **E.** Any - (V)ola - ZP **F.** Nakorainay **G.** Izahay - Azo **H.** Inona **I.** Ambinina **J.** Niova - Fe **K.** In - Sakay

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Navalona

**Kely sisa ny fotoana. Ny avy amin'ny antoko TIM Andramasina ihany koa dia manentana hatrany ny olompirenena hijery ny anarany ao anaty lisi-pifidianana, ary hisoratra amin'izany raha mbola tsy nahavita.**





**Nametraka fitoriana teny amin'ny cybercriminalité Anosy ny antoko TIM, mikasika ny fangalarana Sonian'ny filohan'ny Antoko Marc Ravalomanana, izay miteraka savorovoro eto aminy firenena araka ny nambaran'ny sekretera jeneraly Tahiry Ny Rina Randriamasinoro .**





**Depiote Feno Ralambomanana. Nikarakara fiofanana fanamboarana savony maimaimpoana ho an'n'ny mponina ao amin'ny Boriborintany fahatelo, izany dia niarahana tamin'ny mpampiofana efa matihanina amin'io sehatra io avy any ivelany.**





**Nitafa tamin'ny mpanao gazety tao Bel'Air ny rodoben'ny mpanohitra RMDM. Tokana ny hevitry ny RMDM manerana an'i Madagasikara, tsy manaiky tetezamita, fa fifidianana madio mangarahara ary eken'ny rehetra ihany no hatao eto amin'ny firenena.**




